



Nataon'i Mary N. Cook

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadian'ny Zatovovavy Maneran-tany

Aza milavo lefona na oviana na oviana!

Inona no tian'ny Tompo bataonao? Tiany ianao raha zanakavavin'Andriamanitra be herim-po sy feno hatsaran-toetra, manolo tena isan'andro mba ho mendrika handray ireo fitabian'ny tempoly.

Nitondra ny zafikelinay sasantsasany tany amin'ny Timpanogos Cave National Monument izahay tamin'ny volana Aogôsitra lasa teo, izay iray amin'ireo toerana be mpitsidika indrindra eto Utah. Tsy maintsy mihanika lalana sarotra eo amin'ny 2 km sy tapany latsaka eo ho eo mandrapahatonga any amin'ilay zohy, kanefa tsy mampaninona izany raha te-hahita ireo zavatra kanto mihodinkodina ao amin'ilay zohy. Fantatro tsara fa hana fahasahiranana i Ruthie, izay siy taona, fa nanontany tena kosa aho raha hanana tanjaka sy faharetana hahavitana izany hatramin'ny farany i Caroline, izay vao enin-taona.

Samy tsindrin-daona izahay hanomboka ny fihanihana ary tamin'ny fian-tombohany, dia nandeha haingankain-gana tamin'ilay lalana mirary vato izahay. Haingana kokoa ny nihanihanay ny ampahefan-dalana saingy nandany fotoana bebe kokoa ny famitana ny antsasa-dalana. Nanomboka ho kivy i Caroline. I Ruthie kosa tsy nanana olana ary dia namporisika an'i Caroline mba hanohy. Nandeha moramora izahay mba hahafahan'i Caroline haharaka sy hanohy. Kanefa toa vao mainka niharatsy ny fandehan-javatra. Nisy

rivotra nifofofoko be ary nanahirana ny nahita ny lalana noho ny vovoka nentin'ilay rivotra. Somary nampitahotra izany kanefa toa mbola nisy zavatra hafa nanampy trotraka indray dia ny fahitanay mari-pamantarana izay milaza hoe: "Toerana ahitana Bibilava maneno. Mijanona eo amin'ny Lalana voafaritry. Aoka ho Malina."

Nahavita ny telo ampahefan'ny lalana tamin'ny tanjonay izahay rehefa niezaka nandeha tsimoramora teny, saingy mbola tsy maintsy mamita ilay ampahany tena mideza amin'ilay tendrombohitra izahay. Nipetraka i Caroline no sady nilaza tamin'ny maso nanganohano, noho ny tsy fahatokian-tenany, ny havizanany ary ny tahotra nahazo azy hoe: "Milavo

lefona aho! Tsy mahavita mandeha lavitra mihoatra noho izao intsony aho!"

Nipetraka izahay ary niresaka momba izay tokony hataonay. Nanao drafitra izahay. Nanapa-kevitra izahay fa hanisa ny dingana ataonay ary ho hita eo ny hitranga afaka dingana 100. Nanome toky an'i Caroline izaho sy i Ruthie fa hanampy azy. Nitady zavatra nahafaly anay izahay teny an-dalana ary nizara ny zavatra hitanay. Nihira hiran'ny Kilonga mihitsy aza izahay.

Niova ny fandehan-javatra. Nisafidy ny hanaraka ilay drafitra i Caroline. Toa nahatonga ilay zavatra noeritreretina fa tsy ho vita ho lasa azo atao ilay dingana zato. Fantatr'i Caroline fa hanampy azy izahay ary rehefa nijery ireo zavatra mahafaly nanodidina anay sy nihira izahay dia nahatsapa ho falifaly kokoa.

Moa ve efa natahotra sy kivy ianao teo am-piatrehana fanamby izay toa mihoatra ny fahaizanao? Efa nisy ve fotoana nahatsapanao fa te-hilavo lefona ianao?

Alaivo sary an-tsaina izay mety ho fahatsapan'i Josoa, ilay mpandimby ny mpaminany lehibe Mosesy, raha nahafantatra fa izy no hitarika ny vahoakan'i Isiraely ho an'ny amin'ny tany nampantantainana. Mino aho fa nisy fotoana nahatsapany fa te-hilavo lefona izy. Kanefa ny Tompo dia nanohana azy tamin'ny filazana taminy in-telo mba hahery sy hatanjaka (jereo Josoa 1:6-9). Tao anatin'ny finoana fa hiaraka aminy Andriamanitra no nanoloran'ny zanakaka'i Isiraely tena hoe: "Izay rehetra andidiana . . . dia hataonay" (Josoa 1:16).

Feno tantaran'ny lehilahy sy vehivavy naneho herim-po lehibe hanao izay andidian'ny Tompo azy ao amin'ny soratra masina, eny fa na dia sarotra tanterahina aza ny andraikiny ary na dia nisy fotoana aza izy ireo te-hilavo lefona.



Inona no tian'ny Tompo hataonao? Tiany ianao raha zanakavavin'Andriamanitra be herim-po sy feno hatsaran-toetra, manolo tena isan'andro mba ho mendrika handray ireo fitahian'ny tempoly sy hiverina any Aminy. Mitaky herim-po izany zavatra izany raha eto amin'izao tontolo izao ankehitriny. Manana ny drafitra ny famonjena ianao izay ahafahana manatontosa izany. Zava-dehibe ao amin'io drafitra io ny safidim-pitondrantena, ny ahafahana misafidy. Efa nanao safidy tsara maromaro ianao. Talohan'ny nahaterahanao dia efa nisafidy ny ho ety an-tany ianao ka handray vatana ary hozahana toetra. Efa nisafidy ny ho atao batisa ianao, izay ôrdônansy voalohany takiana amin'ny lalana ho any amin'ny fiainana mandrakizay. Ankehitriny dia mandalo ny fiainana an-tany ianao izay hanohizanao ny fanaovana safidy, ny fianarana, ary ny fivoarana. Ny fanatanterahana ny fanekempihavanana masina sy ny fandraisana ny ôrdônansin'ny tempoly dia dingana manan-danja iray eo amin'ilay drafitra.

Kanefa rehefa mihalehibe ianao, ry zatovovavy, dia mihamideza kokoa ilay lalana ka mety te-hilavo lefona ianao. Mihasarotra ny fiainana, rakotry ny fana-pahan-kevitra sy fakam-panahy amin'ny endriny rehetra. Hitsoka ilay rivotry ny fisafotofotoan-tsaina i Satana izay mety hahatonga anao hametraka fanontaniana hoe ity tokoa ve ilay lalana tianao arahana. Mety ho tratran'ny fakam-panahy hanaraka lalana hafa ianao, na dia efa hita mitsatoka eo aza ireo mari-pamantarana loza. Mety hisalasalana amin'ny fahaiza-manaonao ianao ka hanontany tena toa ny nataon'ny zatovovavy iray hoe: "Vita marina ve ny hijanona ho tsara toetra eto amin'ity izao tontolo izao ity ankehitriny?" Ny valiny ry tanora namako dia hoe: "Eny!" Ary ny torohevitrao dia mitovy tahaka ny nomen'i Winston Churchill nandritry ny Ady Lehibe Faha-II, hoe: Aza milavo lefona na oviana na oviana! (jereo "Never Give In," [speech, Harrow School, London, Angletera, 29 Ôkt. 1941]).

Mitaky herim-po lehibe izany kanefa manana ny Drafiny ianao! Inona ireo zavatra hanampy anao hanaraka ny drafitra sy ho zanakavavin'Andriamanitra be herim-po sy manana hatsaran-toetra? Voalohany, ataovy izay hananana

fijoroana ho vavolombelona matanjaka tsikelikely. Faharoa, katsaho ny fanampian'ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy, ary ny fianakavianao sy ny hafa izay hanohana anao amin'ireo fanapahan-kevitrao hanaraka ilay drafitra. Ary farany, ataovy izay iainana amimpahamendrehana ho mendrika ny hanana ny Fanahy Masina ho namana.

Nampanantena ireo zatovovavy ny Filoha Thomas S. Monson mikasika ny maha-zava-dehibe ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona matanjaka hoe: "Hiaro anao ny fijoroanao ho vavolombelona, raha toa ka kolokoloina hatrany izany" ("May You Have Courage," *Liabona*, Mey 2009, 126).

Ny fijoroanao ho vavolombelona dia hihamatanjaka "tsikelikely vokatry ny zavatra iainanao. Tsy misy na dia iray aza mahazo fijoroana ho vavolombelona feno ao anatin'ny indray mandeha" (*True to the Faith: A Gospel Reference* [2004] [*Ancrés dans la Foi*]). Hotsaroanareo fa mba hihanihana ilay ampahan-tendrombohitra mideza indrindra dia namita izany tamin'ny fanaovana dingana iray isaky ny mandeha izahay. Mba hahazoana fijoroana ho vavolombelona dia tsy maintsy mikolokolo izany tsikelikely ianao. "[Ny fijoroanao ho vavolombelona] dia hitombo rehefa manapa-kevitra ny hitandrina ny didy ianao. Rehefa mampitraka sy manatanjaka ny hafa ianao dia hahita fa hitombo hatrany ny fijoroanao ho vavolombelona. Rehefa [mametraka fahazarana manokana ny hivavaka, hamaky ny soratra masina, hankatò ny didy sy hanompo ny hafa] ianao, dia hahazo fotoana hirotsahan'ny fitaomam-panahy izay [hampatanjaka] ny fijoroanao ho vavolombelona" (jereo *True to the Faith*, [*Ancrés dans la Foi*] 179–80).

Manome anao fomba tsara hikolokoloana tsikelikely ny fijoroanao ho va-

vavolombelona ny bokikely Fivoaran'ny Tena Manokana (Mon Progrès Personnel). Ny traikefa sy fandaharan'asa avy amin'ny fampiharana ireo hasina dia dingana kely izay hanampy amin'ny fikolokoloana ny fijoroanao ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy rehefa mianatra ny Fampianarany ianao sy mampihatra tsy tapaka azy ireny eo amin'ny fiainanao. Izany fikolokoloana tsy tapaka izany dia hiaro anao eo amin'ilay lalana.

Faharoa, katsaho ny fanampian'ny hafa izay hanome anao tanjaka sy fanohanana fanampiny. Mitodiha aloha any amin'ny Rainao any an-danitra amin'ny alalan'ny vavaka. Zanakavaviny ianao. Fantany sy Tiany ianao. Maheno sy mamaly ny vavaka ataonao Izy. Ampianarina foana isika ao amin'ny soratra masina mba "hivavaka lalandava" (jereo, ohatra, ao amin'ny F&F 90:24). Rehefa mivavaka ianao dia *tena* hiaraka aminao ny Tompo tahaka ny niarahany tamin'i Josoa.

Samy mila ny fanampian'ny Mpamonjy isika tsirairay amin'ny fanarahana ilay drafitra sy amin'ny fiverenana any amin'ny Raintsika any an-danitra. Mety nanao hadisoana ianao na nivily tamin'ny lalan-kafa. "Noho ny fitiavan'ny Mpamonjy anao sy nanolorany ny Ainy ho anao, dia afaka mibebaka ianao . . . Ny sorompanavotan'ny Mpamonjy no nahafahanao ho voavela amin'ny otanao" (*Young Women Personal Progress* [Booklet, 2009], 71). "Rehefa mibebaka haingana ianao, dia hahita haingana kokoa ireo fitahiana izay azo avy amin'ny famelan-keloka" (*Ry Tanora, Mabereza!* [Bokikely, 2001], 30).

Manapaha hevitra ankehitriny ny hanao izay takiana amin'ny fibebahana. "Mandraisa amimpahamendrehana ny Fanasan'ny Tompo isan-kerinandro ary fenoy asa mifono hatsaran-toetra izay hitondra tanjaka ara-panahy ny fiainanao. Rehefa manao izany ianao dia hihamatanjaka eo amin'ny ahafahanao manohitra ny fakam-panahy sy mitandrina ny didy ary ho tonga bebe kokoa tahaka an'i Jesoa Kristy" (*Young Women Personal Progress*, 71).

Hanampy anao koa ireo mpaminanin'ny andro farany eto an-tany. Miteny ho an'izao fotoana izao ny mpaminany. Araho ny teniny. Hanome anao mari-



pamantarana izay hampitandrina anao amin'ny loza sy hiaro anao eny an-dalana eny izy ireo. Ireo mari-pamantarana manokana ho anao dia hita ao amin'ny *Ry Tanora, Mabereza*. Araho ny mpaminany; mahafantatra ny lalana izy (*Chants pour les Enfants*, "Suis les Prophètes," 58).

Ny iray amin'ireo fitahiana lehibe ao amin'ny drafitra dia ny fivondronantsika ao anatin'ny fianakaviana. Manana ray aman-dreny izay manana fahendrena sy traikefa bebe kokoa hanampy anao hahatratra ireo fahaiza-manaonao rehetra avy any ambony ianao. Matokia azy ireo. Tian'izy ireo ny hanananao ny tsara indrindra.

Mianara avy amin'ny reninao, ny renibenao ary ireo vehivavy marina hafa manana fijoroana ho vavolombelona matanjaka. Ny andraikitry ny reny ao amin'ny drafitra dia ny ho mpikolokolo. Ry reny, tsy misy olona tia ny zanakareo tahaka ny hitiavanareo azy. Ianareo no mpitarika, mpampiofana ary ohatra tsara indrindra ho azy ireo. Manantena izahay fa hanaiky ny fanasana ny hiara-hiasa amin'ny zanakareo vavy amin'ny fanatanterahana ny ao amin'ny Fivoaran'ny Tena Manokana (Mon Progrès Personnel) ianareo. Ny zavatra nianarako rehefa nanao ireo asa tao anatin'ny hasin'ny hatsarantoetra niaraka tamin'ny reniko aho dia ny hoe, hihamafy orina ny fifandraisanareo ary samy ho voatahy amin'ny fitiavanareo, fanohananao ary ny famporisihanareo izy ireo.

Ry zatovovavy, misafidiana namana tsara izay hanohana anareo amin'ny fanapahan-kevitra tsara ho raisinareo amin'ny fanarahana ny drafitra. Fantatray fa maro aminareo no afaka manao betsaka amin'ny fanatanjahana ireo zatovovavy hafa toa ny nataon'i Ruthie, izay namporisika hatrany an'i Caroline. Aorian'ny fandraisanareo ny Mari-pankasitrahana ho an'ny Zatovovavy Mendrika dia anjaranareo ny ho tonga "rahavavy azo ianteherana." Ny fahazoanao ilay Fankasitrahana antsoina hoe Distinction de la Jeune Fille Accomplie dia hanome anao fahafahana hampahatanjaka ireo zatovovavy hafa amin'ny alalan'ny ohatra tsara ataonao sy ny fijoroanao ho vavolombelona rehefa miahy azy amin'ny fanaovany ny Fivoaran'ny Tena manokany ianao.



Farany, manàna fiainana izay hahamendrika ny hanananao ny Fanahy Masina ho namana. Tamin'izahay nanampy an'i Caroline, dia nanasa ny Fanahy Masina izahay rehefa nijery ireo zavatra tsara nanodidina anay, nihira ny hiran'ny Kilonga mihitsy aza. Nahatsapa fitiavana, fifaliana ary fiadanana izay vokatry ny Fanahy izahay (jereo Galatiana 5:22). Ilainao izany fiadanana sy fahatokiana izany rehefa manandrana mampisafotofoto ny sainao i Satana amin'ny alalan'ny rivotry ny fisalasalana, sy rehefa tratran'ny fakam-panahy handeha amin'ny lalan-kafa ianao, na rehefa tsy tsara fanahy aminao ny hafa na manarabiraby anao amin'ny finoanao.

Mamelà ahy ianareo hizara ny zavatra niainan'i Julie, zatovovavy iray izay nandresy ny olana tamin'ny alalan'ny fanarahana ny bitsiky ny Fanahy Masina. Nandalina ny Testamenta Taloha izy indray andro ary tonga tao an-tsinany ny eritreritra hoe: "Vakio ao amin'ny Matio 5. Vakio ao amin'ny Matio 5." Nieritreritra izy hoe: "Fa maninona no tonga ato an-tsaiko ny eritreritra hamaky ao amin'ny Testamenta Vaovao?" Nataony anefa ny zavatra nitarihan'ny ilay bitsika azy ka namaky ny Matio izy, "Tiava ny fahavalonareo, mamelà an'izay manozona anareo, manaova soa amin'ireo manao ratsy anareo, ary mivavaha ho an'izay mampiasa amim-pankahalana anareo sy manenjika anareo" (Matio 5:44).

Ny ampitso dia nanana olana tamin'ny namany izay ratsy toetra sy namadika azy izy. Tezitra izy tamin'ny

voalohany kanefa avy eo nieritreritra hoe "Efa voaomana ho amin'izao toejavatra izao aho. Efa nibitsika ahy ny Fanahy mba hamaky ny Matio ary tokony ho tsara fanahy sy hamela ny namako aho." Ilay dingana kely nataony tamin'ny famakiana soratra masina dia nanampy azy hanaraka ny ohatra nataon'i Kristy. Avy tamin'izay zavaintranga izay no nahazoany toky fa ny Tompo dia mahafantatra azy ary amin'ny alalan'ny bitsiky ny Fanahy Masina no nahafantarany izay tokony hataony.

Ry tanora zatovovavy malalako, maro aminareo no tahaka an'i Julie, izay tsy nilavo lefona nanoloana ireo zavamanahirana maro, fa nisafidy ny hanaraka ilay drafitra. Mivavaka tsy tapaka aho mba hanohizanareo ny fanatanjahanao ny fijoroanao ho vavolombelona. Katsaho ny fanampian'ny Rainareo any an-danitra, sy ny an'i Jesoa Kristy, ary ny an'ireo mpaminany, sy ny an'ireo hafa izay hanohana anareo amin'ny fanapahan-kevitrareo hanaraka ilay drafitra. Ataovy izay iainana ao anatin'ny hatsaran-toetra mba ho mendrika ny hanana izy Fanahy Masina ho namana izay hitarika anareo soa aman-tsara. Mijoro ho vavolombelona aho fa raha manao izany ianareo dia hiaraka aminareo ny Tompo ary afaka ny hijanona eo amin'ny lalana izay mitondra mankany amin'ny tempoly sy ny fiainana mandrakizay ianareo. "Koa mahereza sy matanjaha" (Joesa 1:9) ary aza milavo lefona na oviana na oviana! Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■